



Vao Nigadona ilay rivo-doza Ana izay namela takaitra maro tao anatin'ny faritra atsinana, avaratra andrefana sy afovoan'i Madagasikara, tamin'iny volana janoary 2022 lasa iny, dia efa nivonona ny Association Fitia natsangan'i Ramatoa Mialy R. Rajoelina, vadin'ny Filoham-pirena, teo amin'ny fanampiana sy fandraisana an-tànana ireo tra-boina, indrindra fa eto amin'ny renivohitry ny Nosy sy ny manodidina azy.



Nisy fanomanana goavana tao nanjakan'ny firaisan-kina tanteraka. Ny 31 Janoary 2022 dia niditra an-tsehatra nivantana ny vadin'ny Filoha Andry Rajoelina.



Tao Antanimenabe Ambohitrimanjaka dia sady nizara koba aina izy sy ny mpiara-dia aminy no nanolotra fanampiana ho an'ireo tra-boina, toa ireo zavatra ilaina andavandro na ireo *« Produits de première nécessité »* na PPN (sira, vary, siramamy, menaka, voamaina…), kidoro sy bodofotsy, akanjo, jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro, fanafody isan-karazany, arovava orona. Tsy adino ny nametrahana hopitaly mandehandeha na ilay hoe *« clinique mobile »* izay notsidihin'i Ramatoa Mialy.



Tao amin'ny kianja mitafo ao Ankorondrano indray dia fizarana mivantana sakafo ho an'ireo traboina no natao, ankoatra ny fizarana isan-karazana efa natao. Fa tsy aleho ve ny sary amin'izay no avelan-tsika hiteny.

Mialohan'izany anefa dia aleho aloha mampita ny fisaorana avy amin'ny Filoha mpanorina sy ireo mpikambana an-tsirapo mandrafitra ny Association Fitia :

« Tsy mora tokoa na ny teo amin'ny lafiny fizarana ny sakafo na ny teo amin'ny lafiny fandaminana ny toby, na ny fizahana ny fahasalamana.

Tsy vita samirery izany rehetra izany koa mankasitraka manokana ireo rehetra izay tsy nisalasala nanohana ary nifanampy taminay :



Ny Ministry ny Mponina

Ny Ministry ny Fahasalamam-bahoaka

Ny Ministry ny Fanabeazam-pirenena

Ny Ministry ny Serasera sy ny Kolotsaina

Ny Minisitry ny Fampianarana ara-teknika sy Fanofanana ara-kasa



Ny ... Fanatanjahantena / ... faha-III



Ny BNGRC ... Affaires sociales et politiques de la Présidence



... teny an-toerana rehetra:




















Fitia
humiliation
insult





































